# IZAHO RY JESOSY

*J. C. ANDRIAMANANTOANINA*

Izaho ry Jesosy dia vonona izao
Vonon-kitsangana hanaraka Anao
Kanefa, Jesosy, malemy tokoa
Avia re tantano, dia ho tafita soa

*Jeso Malala ô, Mpamonjy tia*
*Raiso re, fa ondry nania*
*Jeso, tantano izahay*
*Tantano, Jesosy, sao ho very eto indray*

Ny foko, Jesosy, atolotro ho Anao
Mora maloto kanefa sasao
Eny, Jesosy, sasao ho madio
Ao re mitoera manomboka anio

Ny tenako rehetra dia vonona izao
Vonon-kanefa izay sitrakao
Aina no fetra hanarahako Anao
Raiso aho, Jesosy, ho mendrika Anao

Fanahy Masina ô, hazòny izahay
Hazòny hahita ny lapan'ny Ray
Midìna Jesosy, aty aminay
Midìna Jesosy ka raiso izahay

Jésus, je suis prêt maintenant
Je suis prêt à me lever et à Te suivre
Cependant, Jésus, je suis si faible
Alors viens, conduis-moi par Ta main pour y arriver.

O *Jésus Bien-Aimé, Sauveur qui aime*
*Prends-nous car nous sommes des brebis errantes*
*Conduis-nous par Ta main, Jésus*
*De peur que nous nous égarions de nouveau.*

Mon coeur, Jésus, je Te le donne
C'est un coeur encore impur mais lave-le
Oui, Jésus, lave-le pour qu'il soit pur
Et demeures-y dès aujourd'hui.

Tout mon corps est maintenant prêt
Prêt à suivre Ta volonté
Jusqu'à la fin je Te suivrai
Prends-moi, Jésus, pour que je sois digne de Toi.

Saint-Esprit, veille sur nous
Veille à ce que nous voyions le palais du Père
Descends vers nous, Jésus
Descends, Jésus, et prends-nous.